



Nitodi-doha an'i Paris, izay tanjon'ny diany, , ny andriana Zinzen-dorf ka nody tany an-tranony fahitàna ny Voahombo tamin'ny hazo fijaliana izy ka natsipiny teny an-tongotry ny Mpamonjy ny harenany, ny voninahiny, ny faniriany, ny fiainany.



Ho lasa mpanorina ny fiangonana Môraviana izy sady mpitarika ireo asa fitoriana, izay hatramin'ny roa siekla mahery izay, nitondra ny hafatry ny fitiavana sy ny fahasoavan'ny Zanak'ondry Voasorona.

Famoahana tantara ho an'ny fianakaviana iray manontolo!

# Ianao, inona no nataonao ho ahy ?



365Histoires.com


Jean-Louis Gaillard




Indray andro, nisy tanora andrian-dahy maivan-doha iray, dia ny andriana Zinzendorf, nandao ny lapan'i Zeist tany Holandy ( toeram-ponenan'ny ray aman-dreniny) mba hankany Paris sy Versailles izay niandry azy amin'ny fandraisana




Raha nandalo any Düsseldorf, ka nisy nikarakara ny soavaliny, dia nandeha nitsidika trano fanangonan-tsary hoso-doko ilay tanora andrian-dahy



Sary voahoso-doko iray, indrindra, no nanintona azy. Dia ny sarin'i Kristy eo amin'ny hazo fijaliana nataon'ilay mpanoso-doko atao hoe Steinberg. Nijanona ilay tovolahy. Nibanjina ny tarehy mampanaintaina an'ity olo-voahombo tamin'ny hazo fijaliana izy. Nikasika lalina ny fony ny fahorian'ny Mpamonjy.




*Tèry amban'llay sary dia nosoratan'ilay mpanoso-doko hoe : « Izao no nataoko ho anao, Ianao, inona no nataonao ho ahy? »*



Tohina tamin'ireo teny ireo ilay tanora andrian-dahy ka lasa eritreritra. Nandalo ny tapak'andro kely. Nihariva ny andro. Tonga ny ora hidin'ilay trano fanangonan-tsary hoso-doko. Nanantona ny mpiambina sady nikasika ny sorok'ilay tanora andrian-dahy izay voton-dranomaso.